

Ny Raiki-pohin'Andriamanitra ho amin'ny Fahombiazana Ao Anatin'ny Fotoan-Tsarotra

Reuel Almocera

**Sojabe mpanampy (Doyen Associé) ao amin'ny Seminera;
Talen'ny Sampan-draharaha *Fondation Ellen G. White*
Institut Adventiste International des Hautes Etudes (AIIS)
Silang, Cavite, Philippines**

“Minoa an'i Jehovah Andriamanitrareo, dia ho tafatoetra ianareo; minoa ny mpaminaniny, dia hambinina ianareo. » (2 Tantara 20.20)

FAMPIDIRANA

Na iza na iza isika, dia tsy maintsy mandalo krizy (fotoan-tsarotra) na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana amin'ny fiainana. Mety ho manokana, na iarahana amin'ny be sy ny maro izany krizy izany – kanefa tsy maintsy misy.

Tsy maintsy hisy ny fotoana izay hitakian'ny toe-javatra tsy noheverina na ny vokatry ny trangan-javatra tsy nampoizina ny fandraisantsika fanapahan-kevitra faran'izay haingana, na dia hoe mba ahafahana miala amin'ny voka-dratsy mety hampidi-doza fotsiny ihany aza.

Ny toe-javatra rehetra dia mety hiteraka krizy avokoa. Ny fahaverezan-kasa, ny fitotongan'ny toe-karena nasiônaly, ny ady, ny loza tampoka, ny aretina, ny fahafatesana tampoky ny malala: izany rehetra izany dia mety hampisosoka krizy avokoa.

Noho izany dia tsy maintsy mahay mifehy ny krizy avokoa isika. Maneran-tany izany filàna izany. Izany no antony nahatonga ireo Teôlôjiana namolavola foto-kevitra izany nantsoiny hoe “Teôlôjian'ny Krizy”.

Kanefa ireny krizy ireny dia tsy voatery ho ratsy avokoa. Mety hisy zava-tsoa lehibe tokoa aterak'izany. Tao amin'ny Seminera fianarana ho Mpitandrina tao Filipina (AIAS), dia nisy mpianatra marobe avy any Sina. Indray andro, tao amin'ny efitrano fianarana, dia nanontany ny mpianatra sinoa ny amin'ny fomba fiantso ny “krizy” amin'ny fitenin-dry zareo ny mpampianatra. Dia namaly izy ireo fa ny teny “krizy” dia ahitana voambolana roa : “Wei Zei”, izay maneho ny loza sy ny tombontsoa.

Tena marina tokoa izany fiheveran'ny sinoa izany. Mety hitera-doza marina tokoa ny krizy, kanefa mety hisy tombontsoa ihany koa avy amin'izany. Izany tokoa angamba no antony mampahomby ny asan'ireo sinoa maro : satria hitany ireo tombontsoa ao ambadiky ny loza manambana.

Anio maraina dia hijery foto-kevitra dimy ara-baiboly momba ny fomba fifehezana ny krizy isika : paik'ady izay ahafahana mamadika ny loza ho tombontsoa. Andeha hianatra ny fandraman'ny iray tamin'ireo mpanjakan'ny Joda, dia ny mpanjaka Jôsafata, arak'izay itateran'ny 2 Tantara 20:1-30 isika.

Tena mampahery tokoa ity fitantaràna ity. Mahafinaritra ny fiafarany. Nivoaka tamim-pandresena tao anatin'ity krizy ity ny mpanjaka Jôsafata (andininy 24), nitombo harena (andininy 25), ary nihasambatra hatrany (andininy 27). Nihaniroborobo sy niaina tao anaty fandriam-pahalemana ny fanjakany (andininy 30). Ary ambonin'izany rehetra izany dia nomem-boninahitra sy nankalazaina ny anaran'Andriamanitra (andininy 29). Tamin'ny fomba ahoana no nahatonga izany zavatra rehetra izany ? Inona no paik'ady napetrak'i Jôsafata, ka nahatonga azy ho tafavoaka tamim-pahombiazana tao anatin'ity krizy ity ?

Andeha hohadiadiansika ny momba ity tantara ity ary inona no mety ho hitantsika ao anatin'ny.

“Ary nony afaka izany, dia avy hiady tamin'i Jôsafata ny taranak'i Môaba sy ny taranak'i Amôna mbamin'ny any ankoatry ny Amônita.” (andininy 1)

Miteraka krizy mandrakariva ny ady. Mety ho tena mafy ho an'ny tena izany ; indrindra moa ho an'ny mpitondra firenena mandray anjara mivantana amin'izany ady izany.

Tsy ady tsotra izany. Nitambatambra ho “olona betsaka” (andininy 2) ny fahavalo, ary efa vonona hiodidina ny renivohitr'i Jerosalema. Mitaky asa tsy misy fiambahambana izany. Tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra faingana mahakasika ny fomba enti-miady. Inona no mety ho nataonao raha teo amin'ny toeran'ny Jôsafata ianao ?

Mitatitra amintsika ny fihetsika voalohan'i Jôsafata ny Baiboly : *“Dia natahotra Jôsafata...”* (andininy 3)

Tsy dia tia mpitondra miraviravy tàmàna isika. Kanefa ny tahotra dia fihetsika ara-boajanahary ao anatin'ny fotoanan'ny krizy. Aza manome tsiny ny tenanao ianao rehefa mahatsapa tahotra ao anatin'ny krizy. Iza no nolazain'i Jules César : “Tsy misy faran'izay mahery fo ka tsy ho voakorontana manoloana ny tranga tsy nampoizina.” Mety ho tsara aza ny tahotra raha mitondra antsika eo amin'Andriamanitra izany.

Ao anatin'izany tontolon-kevitra izany hatrany, dia andeha hojerena fa raha miroso lalindalina kokoa amin'ny tantara isika dia izao no baiko voalohany nomen'ny mpaminany Jahazeila, mpitondra tenin'Andriamanitra, tamin'ny mpanjaka Jôsafata : *“Aza matahotra na mivadi-po...”* (andininy 15). Voalaza fa ny toro-hevitra manao hoe “Aza matahotra” dia miverina in-365 ao anatin'ny Baiboly. Izany hoe ampy ho fiatrehana ny toe-javatra sarotra atrehana isan'andro ao anatin'ny taona izany.

Isika mpino, dia tsy afa-miala amin'ny tahotra velively. Kanefa manana Andriamanitra azontsika ametrahana ny ahiahintsika isika ! Mitondra antsika sahady amin'ny foto-kevitra voalohany ahafahana mifehy ny krizy izany :

I. KATSAHO VOALOHANY NY SITRAPON'ANDRIAMANITRA

Izao no fanalahidy voalohan'ny fahombiazan'i Jôsafata : *“Dia niangona ny Joda hangataka famonjena amin'i Jehovah”* (andiny 4). Tsy fangatahan'ny fo mizarazara izany. Ny teny hoe *“niangona”* dia milaza asa voahevitra tsara, fanapahan-kevitra, fahatsoram-po amin'izany fikatsahana an'Andriamanitra izany. Ny Mpanjaka Jôsafata dia *“niantso andro fifadian-kanina ho an'ny tanin'ny Joda rehetra.”* (andiny 3). Izany dia mbola maneho ihany koa ny hamafin'ny krizy sy ny lanjan'ny fanapahan-kevitra voalohany : hangataka famonjena amin'i Jehovah na hikatsaka an'i Jehovah.

Ity foto-kevitra na paik'ady voalohany entina miatrika ny krizy ity dia tsy vaovao tamin'i Jôsafata. Ny mitady an'i Jehovah mialohan'ny handraisana fanapahan-kevitra dia zavatra mandeha ho azy aminy. Tsaroanao va ny fanandraman'i Ahaba, mpanjakan'Israely tao Samaria? Andeha hiverenana ny 2 Tantara 18 mba ahafahana mijery ny zava-nisy:

“Ary Josafata nanana harena sy voninahitra be; ary ny zananihany dia nampanambadiny ny zanakavavin'i Ahaba.” (Andiny 1). I Jôrama, zanak'i Jôsafata dia nanambady an'i Atalia, zanak'i Ahaba sy i Jezabela. Arak'izany dia nikambana ireto mpanjaka roalahy ireto tamin'ny alàlan'ny fifanambadian'ny zanak'izy ireo. Ny sitrapon'Andriamanitra no tondroavaratra nanampy an'i Jôsafata tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra. Ny fanatrehan'Andriamanitra no zava-dehibe voalohany indrindra ho an'i Jôsafata: *“Ary ny fony nihanatoky tamin'ny lalàn'i JEHOVAH”* (andiny 6). Izy tenany mihintsy no nitarika ny

Ny andiny faharoa dia mitatitra amintsika fa ny mpanjaka Jôsafata dia *“nidina nankany amin'i Ahaba tany Samaria”*. Fitsidihana ara-diplômatika no tanjon'izany. Noraisin'i Ahaba tsara izy, ary nanao fanasana be ho azy ity farany.

Kanefa, nandritra ny fanasana, dia naharesy lahatra an'i Jôsafata i Ahaba handeha hiady amin'ny mpanjakan'i Syria miaraka aminy mba hahafahany maka indray ny tanin'i Ramota-Gileada.

Teto dia naneho fahalemena i Jôsafata tamin'ny fahamaizany hiaraka amin'i Ahaba tamin'ity ady ity: *“Eny fa tahaka ny tenanao ihany aho, ...koa hiaraka aminao ho any an-tafika izahay.”* (Andiny 3). Taoriana kely, rehefa tsapany fa maika loatra izy tamin'ny fandraisany fanapahan-kevitra, dia nametraka izao fanontaniana izao tamin'i Ahaba: *“Moa tsy misy mpaminanin'i Jehovah koa va eto mba hanontaniansika?”* (Andiny 6). Izany fanontaniana izany dia naneho ny tena toetran'i Jôsafata: isaky ny misy fanapahan-kevitra raisiny dia tsy maintsy manontany ny Tompo.

Kanefa tsy nihaino ny faminiana marina avy tamin'i Mikaia, Mpaminan'Andriamanitra na i Ahaba na i Jôsafata – koa tamin'alahelo no nandehanan'ity farany nanafika ny Syria. Fahavoazana tanteraka no vokatr'izany. Maty i Ahaba, ary i Jôsafata kosa dia tafavoaka soa aman-tsara tamin'ny ady. Fa ny fahazarany nitady ny sitrapon'Andriamanitra alohan'ny

zavatra rehetra no nahavonjy ny ainy. Raha tsy izany, dia mety ho nitarika fahavoazana mihatra aman'aina ho azy ny fifanarahana mampidi-doza nifanaovany tamin'i Ahaba.

“Ary Josafata, mpanjakan'ny Joda, niverina soa aman-tsara ho any an-tranony tany Jerosalema. Ary nivoaka hitsena azy Jeho, zanak'i Hanany mpahita, ka nanao tamin'i Josafata mpanjaka hoe : Moa ny ratsy fanahy va no tokony hampiana, ary izay mankahala an'i Jehovah va no tokony ho tianao ? Koa noho izany dia tezitra aminao Jehovah. Nefa mba misy fahatsaram-panahy hita ihany aminao, fa noravanao tsy ho eo amin'ny tany ny Aseraha, sady nampiomana ny fonao hitady an'Andriamanitra ianao.” (19.1-3)

Nivoaka mpandresy tamin'ity krizy ity i Jôsafata satria nitady an'Andriamanitra tamin'ny fony rehetra izy. Ny pôlitikany dia : Andriamanitra aloha. Tamin'ny fony manontolo no nitadiavany an' Andriamanitra.

II. ATREHO ARAKA NY PLANIN'ANDRIAMANITRA NY KRIZY

Ny tsiambaratelo faharoa, na ny fanalahidin'ny fahombiazan'i Jôsafata nandritra ny fotoana nandalovana izao krizy izao dia izay hita ao amin'ny II Tantara 20:5 *“Ary Josafata nitsangana teo amin'ny fiangonan'ny Joda sy Jerosalema, Tao amin'ny tranon'i Jehovah.”* Mahagaga izao fihetsik'i Jôsafata manoloana ny krizy izao. Moa va tsy mendrika alaina tahaka izao fomba fiady izao ? Ny anton'izao krizy izao mantsy dia nohon'ny olana ara-pôlitika. Raha ny tokony ho izy dia tokony ho nijanona tao amin'ny lapany i Jôsafata, naka hevitra tamin'ireo miaramila mpanolo-tsaina ary namolavola paik'ady ao amin'ny efitrano fivoriana entina miatrika ny fahavalo. Tsy izany anefa no nataon'i Jôsafata, fa naleony nankany amin'ny tempoly! Moa va tsy hadalàna izany! Tsy mbola azo lazaina fa toe-javatra tsy hahitam-bahaolana no natrehan'i Jôsafata, kanefa dia tsy maintsy mandray izao fanapahan-kevitra “fara-tampony” izao izy. Amin'ny fijerin'olombelona, dia nanana ny ampy izy nentina namahana izao olana izao.

Ny toko 17 ny bokin'ny 2 Tantara dia milaza amintsika fa *“... I Jôsafata dia nihanahery indrindra...”* (andininy 12). Eny fa na dia ireo fahavalony fahizay aza dia nandoa hetra taminy (andininy 10 sy 11). Nanana miaramila betsaka sy matanjaka hatramin'ny 1.160.000 (andininy 13-18) izy. Ambony dia ambony tokoa ny toe-tsaina amam-panahin'ireo vahoaka nentiny nohon'ny fanavaozana nataony teo amin'ny sehatra ara-tsôsialy, ara-panabeazana, ary ny sehatry ny lalàna. Kanefa tsy nihanona tamin'ireo fitaovana teo am-pela-tànany izy fa naleony nankany amin'ny tempoly. Ary tany no nanombohany ny famahàna ny olana.

Raha adika amin'ny teny hafa dia niatrika izao krizy izao mba ahafahany manatanteraka ny planin'Andriamanitra. Tapa-kevitra ny hamaha ny olana araka sitrapon'Andriamanitra izy. Ny sitrapon'Andriamanitra no ezaka fifohazana izay namporisika ny vahoaka hanaraka ny planin'Andriamanitra. Ohatra: nampianatra ireo mpitsara izay nofidiny izy hitarika ny vahoaka: *“... Iza no hataonareo amin'ny fahatahorana an'i Jehovah sy amin'ny fahamarinana ary amin'ny fo mahitsy.”* (19.9; jereo koa ny andininy 4 – 6)

Ny fanekena hiatrika ny krizy miaraka amin'ny fikasana hanaraka planin'Andriamanitra no tsiambaratelo faharoa niantoka ny fahombiazan'i Jôsafata. Azontsika raisina ho antsika koa izany fahombiazana izany: *“Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao; matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao.”* (Ohabolana 3:5,6)

Nanoratra izao manaraka izao i Ellen G. White :

« Ny Tompo no herin'i Joda tamin'ny fotoan-tsarotra, tahaka ny mbola maha-toy izany Azy ankehitriny amin'ny vahoakany. Koa aoka isika tsy hitoky na amin'ny mpanapaka na amin'olombelona izay mahavoan'ny fakam-panahy antsika hanolo azy ireo ny toerana misy an'Andriamanitra. Aoka tsy hanadino isika fa amin'ny maha-olombelona antsika dia mety ho diso sy azo tsinina isika. Ilay manana ny hery tsy toha no aro ho antsika. Aoka hotsaroantsika fa na amin'inona na amin'inona, dia lzy no miady ho antsika. Tsy voafetra ny fahafahany manao zavatra, ary arakaraka ny fahitantsika fa toa mifanohitra amin'izay heverintsika no mitranga, dia amin'izay indrindra no vao mainka mampampirapiratra ny fandresena.” (Mpaminany sy Mpanjaka, p.165.4)

III. MIVAVAKA AMIN'NY FO MBA AHAFAHANAO MIANTORAKA TANTERAKA AMIN'ANDRIAMANITRA SY MANOLO-TENA HO AZY

Tsotra ny tsiambaratelo fahatelon'i Jôsafata: ny vavaka. Tsy handreraka an'Andriamanitra velively isika, raha vavaka no resahana. Tena ilaina tokoa ny vavaka amin'ny fotoana tsy maintsy andraisantsika fanapahan-kevitra manahirana. Tsy mba vavaka tsotra no nataon'i Jôsafata. Andeha hovakiantsika izany ao amin'ny II Tantara 20.6-12:

“Ry Jehovah ô, Andriamanitry ny razanay, tsy Hianao va no Andriamanitra any an-danitra? Eny, Hianao no manapaka amin'ny fanjakan'ny jentilisa rehetra, ary eo an-tananao ny hery sy ny fahefana, ka tsy misy mahasakana Anao. Ry Andriamanitray ô, tsy Hianao va no nandroaka ny mponina tamin'ity tany ity hiala teo anoloan'ny Isiraely olonao ka nanome azy mandrakizay ho an'ny taranak'i Abrahamana sakaizanao? Ary nonina tatỳ izy ka nanao fitoerana masina teto ho an'ny anaranao sady nanao hoe: raha manjo anay ny loza, na sabatra, na famaliana, na areti-mandringana, na mosary, ary hitsangana manatrika ity trano ity sy eto anatrehanao izahay (fa ny anaranao no amin'ity trano ity) ka hitaraina aminao amin'ny fahorianay, dia hihaino Hianao ka hamonjy. Koa indreo ny taranak'i Amona sy Moaba ary ny avy any an-tendrombohitra, Seira, dia ilay tsy navelanao hotafihin'ny Isiraely, fony izy nivoaka avy tany amin'ny tany Egypta, ka nivily fa tsy nandringana azy ; nefa indreo izy mamaly ratsy anay ka avy handroaka anay amin'ny lova nomenao anay. Ry Andriamanitray ô, tsy hitsara azy va Hianao? Fa izahay dia tsy manan-kery hanohitra ireo olona betsaka ireo, izay avy hamely anay, koa tsy hitanay izay hataonay; fa Hianao no andrandrain'ny masonay.”

Vavaka re izany! Vavaka fiantorahana tanteraka: tsy amin'ny fahavalo, fa amin'Andriamanitra. Nanana ny heriny ny mpanjaka Jôsafata (nifehy miaramila miisa 1.160.000 izy) ; kanefa tsy niantehitra tamin'izany heriny na fahendreny izany izy. Matetika isika no lavo amin'ity sehatra ity. Rehefa manatona an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny

vavaka isika, dia tonga miaraka amin'ny "soso-kevitsika", ary manantena fa hanaiky ireny Andriamanitra. Tsy izany no nataon'i Jôsafata: nametraka ny fitokisany tanteraka tamin'Andriamanitra izy. *"Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah, Tompon'ny maro."* (Zakaria 4.6)

Mino aho fa tena nankasitran'Andriamanitra tokoa ny vavaka nataon'i Jôsafata. Toa maheno Azy miteny aho hoe: "Ankehitriny dia horaisiko an-tànana ny zavatra rehetra; ankehitriny dia afaka manatanteraka ny planiko aho; ankehitriny dia afaka miady ho an'i Jôsafata Aho."

Efa hitantsika ireo foto-kevitra telo voalohany nentin'i Jôsafata nifehy ny krizy: (1) Mikatsaka ny sitrapon'Andriamanitra. (2) Miatrika ny krizy araka ny planin'Andriamanitra. (3) Mivavaka amin'ny fo mba ahafahana miantoraka tanteraka amin'Andriamanitra sy manolo-tena ho Azy. Kanefa eto amin'ity lahatsoratra ity dia tsy avy amin'ireo foto-kevitra telo ireo fotsiny no nampiova ny krizy ho fandresena. Ny foto-kevitra fahaefatra no nanova ny loza manambana ho tombontsoa. Izany foto-kevitra fahaefatra izany dia:

IV. MANKATOAVA NY SITRAPON'ANDRIAMANITRA ARAK'IZAY VOALAZAN'NY FANOMEZAM PAHASOAVAN'NY FAMINANIANA

Mba ahafahana mahita ny fiasan'izany foto-kevitra izany, dia andeha hovakiantsika izay hita ao amin'ny 2 Tantara 20.14 – 17:

"Ary Jahaziela, zanak'i Zakaria, zanak'i Benaia, zanak'i Jeiela, zanak'i Matania, Levita amin'ny taranak'i Asafa, dia voatsindrin'ny Fanahin'i Jehovah teo amin'ny fiangonana ka nanao hoe : Mihainoa ianareo, ry Joda rehetra sy ry mponina any Jerosalema, ary ianao, ry Josafata mpanjaka : Iza no lazain'i Jehovah aminareo : aza matahotra na mivadi-po ny amin'ireo olona betsaka ireo, fa tsy anareo ny ady, fa an'Andriamanitra. Rahampitso dia midina hiady aminy ianareo; fa, indreo, hiakatra amin'ny fiakarana Ziza izy; ary ianareo hahita azy eo amin'ny faran'ny lohasahan-driaka tandrifin'ny efitr'i Jeroela. Tsy ianareo anefa no hiady amin'ity; mijanona tsara, fa ho hitanareo ny hamonjen'i Jehovah anareo, ry Joda sy Jerosalema. Aza matahotra na mivadi-po, fa rahampitso dia mivoaha hiady aminy; fa Jehovah no momba anareo."

Tratra ankehitriny ny sehatra fara-tampon'ny krizy. Ho an'ny mpanjaka Jôsafata dia eto no tsy maintsy fandraisana fanapahan-kevitra. Inona no hataony manoloana ny sitrapon'Andriamanitra nivoaka avy amin'ny faminanian'i Jahaziela? Inoako fa tsy vitsy ireo mpanolotsain'ny mpanjaka niezaka nametraka ahiahy manoloana ny fahamarinan'ity mpitondra hafatry ny Tompo ity. Toa henoko izy ireo manao hoe "Tsy voatery hihaino an'i Jahaziela ianao. Fa iza moa izy? Tsy manana taratasy manamarina ny maha-mpaminany azy toa an-dry Mosesy na i Davida akory izy. Tsy nisy zava-mahagaga nataony. Tsy dia nahita fianarana loatra izy. Matetika anie izy no miady amin'ny vadiny e!" Nahariharin'izy ireo ny mahaolombelona ilay mpaminany mba ahafahany mamporisika ny mpanjaka tsy hanome lanja ny hafatra izay nentiny. Kanefa Andriamanitra no niteny tamin'ny alàlan'ny Jahaziela. Tsy misy afa-tsy izay! Ny mpaminany iray dia sokajiana amin'ny maha-olomb-foafidin'Andriamanitra azy – izany no anaram-boninahitra ambony tokony omena azy.

Mety nandalo ady ny mpanjaka Jôsafata tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra. Tokony hihaino izany feon'ny faminiana izany va izy? Toa azoko an-tsaina izy miteny toa izao: "Andriamanitra no efa niteny, ary mino izay nolazainy aho. Ampy ahy izay ! Andeha hanaraka ny feon'Andriamanitra."

Nitarika fankatoavana teo amin'i Jôsafata izany fanapahan-kevitra hanaraka ny sitrapon'Andriamanitra izany, izay nahita ny loharanony avy tamin'ny fanomezam-pahasoavan'ny faminiana na dia tsapany ho toa tsy dia tsy misy heviny, tsy mitombina ary adaladala aza izany. Nahoana? Inona no tena baikon'Andriamanitra manoloana izao krizy izao? Andeha hiverenantsika vakiana izany: "*Rahampitso dia midina hiady aminy ianareo.*" (andiny 16). Mazava ho azy izany. Moa va tsy izany no nantenaina. Fa ny baiko manaraka, "*Tsy ianareo anefa no hiady amin'ity*", sy ny "*mijanona tsara, fa ho hitanareo ny hamonjen'i Jehovah anareo*" (andiny 17) – dia toa tsy dia mitombina loatra. Amin'ny fijerin'olombelona dia tsy misy heviny izany.

Raha anisan'ireo manam-boninahitra tamin'ireo miaramilan'ny mpanjaka izaho sy ianao, dia mety ho anisan'izay nanohitra izao paik'ady izao isika. Amin'ny fijerin'olombelona, dia ho netinety kokoa ny niandry ny fahavalo handrosondroso kokoa, hanatona an'i Jerosalema. Ho moramora kokoa ho antsika ny niaro tena taminy, nitily tao ambadiky ny mandan'ny tanàna. Eo amin'ny sehatra fandaminana dia paik'ady tsara tokoa izany. Ao avokoa no miangona ny fitaovam-piadiana rehetra. Ao no fialofana sy fiarovana tsara ho an'ny zaza amam-behivavy. Fa raha avy any an-tanàna kosa no mivoaka ny mpiantafika dia mety ho mora foana ho an'ny fahavalo ny handresy azy ireo. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia hoe: nahoana no handroso hiatrika ny fahavalo raha tsy vonona ny hiady akory? Moa va tsy hadalàna izany?

Kanefa dia tapa-kevitra ny hanaraka ny baikon'Andriamanitra ny mpanjaka. Inoako fa tsy niraisan'ny be sy ny maro izany fanapahan-kevitra izany. Kanefa, raha miaraka amin'Andriamanitra, dia miaraka amin'ny tena antoko marina isika. Ohatran'ny henoko ny mpanjaka miteny hoe "Andeha hanaraka ny Tompo isika, na dia tsy ho azontsika avokoa aza ny zavatra rehetra!" Izany fanapahan-kevitra izany no nanova ny loza manambana ho tombontsoa. Nandresy ny tahotra ny finoana. Izany indrindra no nahatonga ny mpanjaka Jôsafata hanonona ity fehezan-teny fanta-daza ity: "*Minoa an'i Jehovah Andriamanitrareo, dia ho tafatoetra ianareo ; minoa ny mpaminaniny, dia hambinina ianareo.*" (andiny 20).

Manasa antsika handray fanapahan-kevitra am-pinoana Andriamanitra matetika mba ahafahany manatanteraka fahagagana eo amin'ny fiainantsika. Niteny tamin'ny Namana ny mpaminany Elisa hirotsaka impito ao amin'i Jordana. Ary rehefa nankato ity farany dia sitrana (II Mpanjaka 5.1-19). Nahazo fandresena mahagaga i Gideona sy ireo tafika 300 satria na dia tsy nino aza izy tamin'ny voalohany, dia nanaiky ny hankato an'Andriamanitra ihany izy tamin'ny farany. Nitarika tam-pinoana ny Israelita tamina fiodinana imbetsaka ny tanànan'i Jerikô i Josoa, ary dia nirodana ilay tanàna lehibe. Ny finoana mankato dia mitondra amina fandresena mahagaga.

Tany amin'ny voalohandohan'ny taona 1900 tany, dia voahozongozon'ireo mpitarika matanjaka sy malaza ny fihetsehana anatin'ny Advantista. Nampianatra izy ireo fa Andriamanitra dia karazana hery tsy voafaritry amin'ny maha-olombelona (force impersonnelle), izay misy eo amin'ny zavatra rehetra, sy ny zava-manan'aina rehetra, - koa

ny olombelona izany dia “tempoly velona” itoerany. Izany fomba fijery izany dia manafoana ny maha-Andriamanitra an’Andriamanitra, ary mandrava tanteraka ny foto-pinoantsika mahakasika ny fitoerana masina. Tsy hitan’ireo mpitarika mahatoky izay natao. Fa tamin’ny taona 1903, dia nanome fahitàna an’i Ellen G. White Andriamanitra, ka tamin’izany no nahitany sambo lehibe nifandona tamina vongana ranomandry lehibe. Naheno baiko tamin’ny feo mafy ny tantsambo nanao hoe “Dony any io! Dony any io!” Nampitomboina ny hafangainam-pandehan’ilay sambo ary navantana tany amin’ilay vongan-dranomandry lehibe. Nidona mafy tamin’ity farany ary dia vaky niparitaka izany. Mafy ny fahavoazana nahazo ilay sambo na dia mbola azo namboarina aza, kanefa dia nanohy ny diany ihany izy. Tsapan’i Ellen G. White fa natao ho an’ny fiangonana izany fahitàna izany. Nanoratra faingana ho an’ireo mpitarika nijanona ho mahatoky izy, ary nampahery azy ireo handray fanapahan-kevitra hentitra sy hiatrika am-pahamatorana ireo fampianaran-diso. Nankato izay toro-hevitra ara-paminaniana izany izy ireo ary voavonjy ny fiangonana.

Ny finoana mankato dia manova ny krizy ho zava-baovao mahaliana. Iza no lazain’ny Baiboly amintsika mahakasika an’i Jôsafata: *“Ary rehefa niara-nihevitra tamin’ny olona izy, dia nanendry mpihira ho an’i Jehovah hidera amin’ny fihaingoana masina, raha mivoaka eo anoloan’ny olona efa voaomana hiady, ka hanao hoe: miderà an’i Jehovah, fa mandrakizay ny famindram-pony.”* (2 Tantara 20.21).

Hitanareo amin’izany ny zava-bitan’ny finoana! Antokom-pihira iray manontolo no mitarika ny tafika hian’ady; ady izay tsy hisy! Izay manam-pinoana ihany no afaka mamorona paik’ady toa izany.

Ny finoana mankato dia mitondra amina fandresena tanteraka. Andriamanitra no nanao ny asa rehetra ho an’ireo mahatoky azy. Tsy nisy zana-tsipika na iray aza nivoaka avy tamin’ny tranony. Tsy nisy na dia zana-tsipika iray notifirina avy tamin’ny tobin’i Israely; tsy nisy rà israelita latsaka na dia kely aza. Ny Tompo Andriamanitr’Israely no nanao ny asa ho azy ireo (jereo ny andininy 24).

“Ary raha vao nanomboka nihoby sy nidera ireo, dia nasian’i Jehovah otrika hamely ny taranak’i Amona sy Moaba sy ny avy any an-tendrombohitra Seira, izay avy hamely ny Joda, ka dia resy ireo.” (andininy 22)

Mitatitra amintsika ny zava-niseho ny Baiboly: *“Dia nitsangana ny taranak’i Amona sy Moaba namely ny avy any an-tendrombohitra Seira ka namono sy nandringana azy; ary nony voaringany ny mponina tany Seira, dia nifandringana kosa izy samy izy ihany.”* (andininy 23)

Matetika, tahak’izay miseho eto, ny finoana mankato dia miteraka fitobahan’ny fitahiana ara-materialy”. Milaza amintsika ny Baiboly fa, rehefa nanangona ny harena azo tamin’ny ady ny vahoaka dia *“namabo mihoatra noho izay zakany ho entina; ary hateloana no nanangonany ny babo, fa be dia be ireny.”* (andininy 25) Vahoaka iray manontolo manangona harena azo tamin’ny ady mandritra ny *hateloana*. Tsy ampy akory aza izany fotoana izany hitaterana ny harena rehetra. Tsy mampino ! Mahagaga !

Ny finoana mankato dia miteraka fiainana feno fahasambarana sy fifaliana: *“Koa dia niverina ny lehilahy rehetra amin’ny Joda sy Jerosalema, ary Josafata nitarika azy hankany*

Jerosalema indray tamin'ny fifaliana, fa Jehovah nampifaly azy ny amin'ny fahavalony.” (andininy 27)

Ny finoana mankato dia manome fiadanana sy fitsaharana. *“Ary nandry fahizay ny fanjakan'i Josafata; fa nomen'Andriamaniny fiadanana tamin'ny manodidina izy.”* (andininy 30)

Nandritra ny 25 taona farany nanjakan'i Jôsafata dia tsy nisy intsony ny ady.

Ary farany, ny finoana mankato dia mitarika ho amin'ny fideràna sy fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra: *“Ary ny fahatahorana an'Andriamanitra nahazo ny fanjakana rehetra manodidina, nony efa reny fa Jehovah no niady tamin'ny fahavalon'ny Isiraely.”* (andininy 29)

Fahombiazana tanteraka no azo ilazàna ity ezaka fitoriana ny filazantsara ity ! Izany no loharanon'ny iraka rehetra: deraina sy homem-boninahitra anie ny anaran'Andriamanitra.

Niova ho fahombiazana ilay krizy. Niova ho tombontsoa ny loza nanambana.

Izany dia mitondra antsika amin'ny foto-kevitra fahadimy entina mifehy ny krizy:

V. OMEO AN'ANDRIAMANITRA NY FIDERANA, NY VONINAHITRA ARY NY FANKALAZANA

Zava-miseho matetika ny hoe avy mivoaka mpandresy amina krizy iray isika dia mandalo krizy hafa indray. Nahoana no tsy maharitra ny sasany amin'ireo fandresena azontsika?

Na dia nandalo tsy fahombiazana ara-materialy aza ny ampahany farany amin'ny fiainan'ny mpanjaka Jôsafata (mbola vokatry ny fifanarahana mampidi-doza hatrany; fa tamin'ity indray mitoraka ity dia tamin'ilay mpanjaka Ahazia izay nanao izay ratsy indrindra teo imason'Andriamanitra. Izy no nandimby an'i Ahaba (jereo ny andininy 35 – 37). Amin'ny ankapobeny dia fahombiazana no azo ilazana ny fiainany. Iza no lazain'ny Baiboly amintsika: *“Ary nandeha tamin'ny lalana nalehan'i Asa rainy izy ka tsy niala tamin'izany, fa nanao izay mahitsy eo imason'i Jehovah.”* (andininy 32). Ny tsiambaratelo farany niantoka ny fahombiazan'i Jôsafata tamin'ny vanim-potoanan'ny krizy dia izao : nidera an'Andriamanitra, nanome voninahitra ary nankalaza azy izy isaky ny mahazo fandresena.

“Koa dia niverina ny lehilahy rehetra amin'ny Joda sy Jerosalema, ary Josafata nitarika azy hankany Jerosalema indray tamin'ny fifaliana, ... Ary tonga tany Jerosalema izy nitondra valiha sy lokanga ary trompetra ka nankao an-tranon'i Jehovah.” (andininy 27 sy 28)

Tsy tokony ho fahombiazana fotsiny ihany no fiafaran'ny krizy, fa fiderana ihany koa.

Mety ho tsy mahagaga ny fankalazan'i Jôsafata ny fandreseny tao amin'ny lapan'ny mpanjaka. Kanefa taiza no nalehany? Tao amin'ny tempoly! Marina fa fankalazana tokoa no niseho; saingy tsy fankalazana tamin'ny alàlan'ny fandihizana, na fisotroana, na filaharana teny amin'ny lalam-ben'ny tanàna – fa fankalàzana tao amin'ny tempoly. Izany no nahatonga ny fahombiazana ho hanitra manim-pofona ho an'ny Tompo.

FEHINY

Andeha hofehezina amin'ny teny fohy ireo tsiambaratelo nentin'i Jôsafata niatrika ny krizy. Izany no raiki-pohin'Andriamanitra ho amin'ny fahombiazana amin'ny fiatrehana ny krizy.

1. Katsaho voalohany ny sitrapon'Andriamanitra
2. Atreho araka ny planin'Andriamanitra ny krizy
3. Mivavaka amin'ny fo mba ahafahanao miantoraka tanteraka amin'Andriamanitra sy manolo-tena ho Azy
4. Mankatoava ny sitrapon'Andriamanitra araka izay voalazan'ny fanomezam-pahasoavan'ny faminiana
5. Omeo an'Andriamanitra ny fideràna, ny voninahitra ary ny fankalazana

Jehovah Tompon'ny maro no miady ho antsika eo amin'ny fiainantsika. Kanefa, mba ahafahana manome fahombiazana antsika dia mila antsika mikatsaka marina ny sitrapony, miantoraka tanteraka Aminy, mankato tsy misy fepetra ny Teniny, ary mankalaza sy manome voninahitra Azy mandrakariva Izy. Moa va vonona hanaraka ny foto-kevitry'i Jôsafata ianao, mba ahafahan'Andriamanitra mitarika sy mitahy anao? Ny fanasana izay nataon'i Jôsafata ho an'ny vahoakany dia natao ho antsika koa:

“Minoa an'i Jehovah Andriamanitrareo, dia ho tafatoetra ianareo; minoa ny mpaminaniny, dia hambinina ianareo.” (andininy 20) Amena!